
"MBA AMPAHITAO NY VONINAHITRAO AHO"
Lesona 12 hatao ny 20 Septambra, 2025




“Ary Jehovah nandalo teo anatrehany ka niantso hoe: ‘Jehovah, Jehovah, Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindram-po sy fahamarinana, mitahiry famindram-po ho an'ny olona arivo mandimby, mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana, kanefa tsy mety manamarina ny meloka, fa mamaly ny heloky ny ray amin'ny zanaka sy ny zafy hatramin'ny zafiafy sy ny zafindohalika’ ”

Eksodosy 34:6, 7

Tsy misy isalasalana ny amin'izany. Tonga mpisakaiza akaiky i Andriamanitra sy i Mosesy.


Tsy tao anatin'ny indray alina no nahatonga izany. Fa, dingana miandalana. Nanomboka hatramin'ny fahazazany, rehefa niresaka taminy momba an'ilay Andriamanitra mahagaga Izay ivavahan'izy ireo ny reniny.

Nihamafy ny fisakaizany nandritra ireo fihaonana samihafa teo amin'ny Tendrombohitra Sinay, ary nitombo hatrany mandra-pahatongan'ny andro niantsoan'Andriamanitra an'i Mosesy hiala sasatra.





Ny toko faha-33 sy faha-34 ao amin'ny Eksodosy dia mirakitra fotoan-dehibe iray amin'io fifandraisana lalina io: nangataka ny hahita ny voninahitr'Andriamanitra i Mosesy.





**Andriamanitra sy Mosesy:**

- Fihaonana amin'Andriamanitra (Eksodosy 33:7-11)
- Mahalala bebe kokoa an'Andriamanitra (Eksodosy 33:12-17)

**Ny voninahitr'Andriamanitra:**

- Ny faniriana hahalala ny voninahitr'Andriamanitra (Eks. 33:18-23)
- Ny fahitana ny voninahitr'Andriamanitra (Eksodosy 34:1-28)
- Ny vokatry ny fahitana ny voninahitr'Andriamanitra (Eks. 34:29-

# ANDRIAMANITRA
# SY MOSESY

# FIHAONANA AMIN'ANDRIAMANITRA

"Ary raha niditra tao amin'ny lay Mosesy, dia nidina ny andri-rahona ka nijanona teo anoloan'ny varavaran'ny lay, ary JEHOVAH dia niresaka tamin'i Mosesy" (Eksodosy 33:9)

Nihaona tamin'Andriamanitra tao amin'ny trano-lay fihaonana i Mosesy, ary tao no niresahany nifanatrika taminy (Eks. 33:7-11).



Fanazavana: ny hoe "nifanatrika" dia tsy midika hoe nifankahita tava izy ireo, fa kosa nifampiresaka malalaka tsara (na dia tsy nahita ny tavan'Andriamanitra mihitsy aza i Mosesy).

Lasa mpanompon'Andriamanitra mahatoky i Mosesy (Heb. 3:5), fahazavana tsy mety maty tao anatin'ny haizina, ary mpaminany faka tahaka.

## Nihamafy hatrany ny fifandraisan'Andriamanitra sy i Mosesy



Nomen'Andriamanitra tsindrimandry hanoratra ny bokin'i Joba sy Genesisy i Mosesy



Nantsoin'Andriamanitra avy tao amin'ny roimemy nirehitra izy



Hitan'i Mosesy ny nandresen'Andriamanitra an'ireo andriamanitra egyptiana



Nahita maso ny fisarahan'ny Ranomasina Mena mba hanafahana ny Israely izy



Nahita ny nitarihan'Andriamanitra ny Isiraely tao Sinay izy



Niaraka nandritra ny 40 andro tao an-tendrombohitra izy roa



Nitombo isan'andro ny fifandraisan'izy roa

# MAHALALA BEBE KOKOA AN'ANDRIAMANITRA

"Koa ankehitriny, raha nahita fitia eo imasonao aho, dia ampahafantaro ny lalanao hahalalako Anao, mba hahitako fitia eo imasonao; ary hevero fa olonao ity firenena ity." (Eksodosy 33:13)

**Rehefa niteny tamin'i Mosesy Andriamanitra fa tsy hiaraka amin'ny olona ho any Kanana Izy (Eks. 33:1-3), dia nisy resaka mahaliana nitranga avy teo (Eks. 33:12-17):**

| | |
|---|---|
| **Andriamanitra** | **Sakaizako ianao ary mahita fitia amiko** |
| **Mosesy** | **Raha izany tokoa no izy, dia ampahafantaro ny lalanao aho *hahalalako Anao*** |
| **Andriamanitra** | **Handeha hiaraka aminao ny Tavako, ary hanome anao fitsaharana Aho** |
| **Mosesy** | **Raha tsy handeha ny Tavanao dia aza mitondra anay hiakatra hiala aty** |
| **Mosesy** | **Raha tsy handeha miaraka aminay Ianao, ahoana no hahafantaran'ny olona fa nahita fitia eo imasonao aho?** |
| **Andriamanitra** | **Eny ary, hataoko izay nangatahinao, satria nahita fitia eo imasoko ianao ary mahalala anao tokoa Aho ry sakaizako.** |

**Nandany 40 andro niaraka tamin'Andriamanitra i Mosesy, ary nandray ny Didy Folo sy ny toromarika momba ny fanorenana ny Fitoerana Masina. Izao izy dia eo anatrehan'Andriamanitra indray, ary manao fanelanelanana ho an'ny olona. Toa mahafantatra tsara an'Andriamanitra izy, satria miresaka mifankazatra tsara Aminy. Koa, heviny manao ahoana àry no nilany hahafantatra Azy (Eks. 33:13)? Amin'ny heviny ahoana**



# NY VONINAHITR' ANDRIAMANITRA

# NY FANIRIANA HAHALALA NY VONINAHITR'ANDRIAMANITRA

“Ary hoy Mosesy: “Mba ampahitao ny voninahitrao aho.’ ” (Eksodosy 33:18)



Hoy i Mosesy: ampahitao ny voninahitrao aho (Eks. 33:18)

+

Namaly Andriamanitra: Hampandalo ny fahatsarako Aho (Eks. 33:19)

+

Izay nasehon’Andriamanitra azy dia ny toetrany (Eks. 34:6-7)

⇨

**Ny voninahitr’ Andriamanitra dia ny fahatsarany, izany hoe ny toetrany**

Manampy izany i Ellen G. White hoe ny voninahitr’Andriamanitra dia ny fanomezana hery ny zanany; famihinana ny mpanota mibebaka; ary fanomezana izay rehetra ilaina ho amin'ny fanovana azy.

Noho izany, ny “voninahitsika” dia ny maneho ny toetran’Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika (2 Kor. 1:12; 3:18).

Rehefa mibanjina ny Hazo fijaliana isika no mandray ny fanambarana lehibe indrindra momba ny voninahitr’Andriamanitra sy ny hatsarany ary ny toetrany.

# NY FAHITANA NY VONINAHITR'ANDRIAMANITRA

"Ary Jehovah nandalo teo anatrehany ka niantso hoe: "JEHOVAH, JEHOVAH, Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindram-po sy fahamarinana' " (Eksodosy 34:6)

**Nasehon'Andriamanitra tamin'i Mosesy ny voninahiny tamin'ny fotoana fanimpitony niakarany tany an-tendrombohitra Sinay. Tamin'ny fotoana toy inona sy noho ny antony ahoana no nisehoan'i Mosesy teo anatrehan'Andriamanitra?**

1. Handray ny fototra iorenan'ny fanekena (Eks. 19:3-7)
2. Hitondra ny tenin'ny olona sy handray toromarika momba ny fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra tao Sinay (Eks. 19:8-14)
3. Handray toromarika vaovao (Eks. 19:20-25)
4. Handray ireo fitsipika fanampiny (Eks. 20:21; 24:3)
5. Handray ny Didy Folo nosoratan'ny rantsantanan'Andriamanitra sy ny endriky ny Fitoerana Masina (Eks. 24:12, 18; 32:15)
6. Hanelanelana noho ny fahotana tamin'ilay ombilahy kely volamena (Eks. 32:30)
7. Mba hanehoan'Andriamanitra ny voninahiny, sy handraisany ny vato fisaka vaovao misy ny Didy Folo (Eks. 34:1-5)



**Ny fahitana ny voninahitr'Andriamanitra no porofo manambara ny toetran'Andriamanitra (Eksodosy 34:6-7). Niankohoka i Mosesy noho izao topy maso-pitiavan'Andriamanitra izao (Eks. 34:8; 1 Jaona 4:19). Noho izany, dia namafisin'Andriamanitra ny fanekeny tamin'ny Isiraely ary navelany ny amin'ilay**

# NY VOKATRY NY FAHITANA NY VONINAHITR'ANDRIAMANITRA

*"Ary Mosesy nidina avy tao an-tendrombohitra Sinay, ary teny an-tànany ny vato roa izay nisy ny Vavolombelona tamin'izy nidina avy teo an-tendrombohitra, ary tsy fantany ho namirapiratra ny hoditry ny tavany noho ny nitenenany taminy."* (Eksodosy 34:29)



**Efa imbetsaka i Mosesy no niresaka tamin'Andriamanitra "nifanatrika", ary hatramin'izay dia tsy namirapiratra ny tavany. Inona no niova tamin'ity indray mitoraka ity? Mariho koa fa nitohy nandritra ny fotoana maharitra ny fiovana. (Eks. 34:34-35).**

**Nahafantatra bebe kokoa an'Andriamanitra izao i Mosesy. tonga amin'ny fahamatorana ny fisakaizany. Nibanjina ny voninahitr'Andriamanitra izy, ary voaova tamin'izany voninahitra izany.**



**Manasa antsika i Paoly hanahaka an'i Mosesy sy nibanjina ny voninahitr'Andriamanitra mba ho voaova tahaka azy, rehefa miresaka momba an'io tantara io izy (2 Kor. 3:12-18).**

**Modely ho antsika i Mosesy, izay maneho ny zavatra azon'Andriamanitra atao ho antsika rehefa avelantsika Izy hanova ny toetrantsika sy hamolavola antsika hanahaka ny endriny masina.**

EGW (In Heavenly Places, 22 aogositra)

“Heverinao ve fa nananatra an'i Mosesy Andriamanitra noho ny fahasahiany? Tsia. Tsy noho ny fahalianana fotsiny no nahatonga an’i Mosesy hanao izany fangatahana izany. Nisy zavatra hitany tao. Hitany fa raha amin’ny herin'ny tenany manokana dia tsy afaka hanao ny asan’Andriamanitra sy hahazo sitraka Aminy izy. Fantany fa raha afaka mahazo fahitana mazava momba ny voninahitr’Andriamanitra izy, dia ho afaka handroso amin’ny iraka lehibe ataony, tsy amin’ny herin’ny tenany, fa amin’ny herin’ny Tompo Andriamanitra Tsitoha. Voatarika tanteraka hanaraka an'Andriamanitra ny tenany manontolo; maniry hahalala bebe kokoa momba Azy, sy hahatsapa ny fanatrehan’Andriamanitra rehefa tojo fahaporetana na fahasahiranana. Tsy ny fitiavan-tena no nahatonga an’i Mosesy hangataka ny hahita ny voninahitr’Andriamanitra. Ny hany tanjony dia ny faniriana hanome voninahitra ny Mpamorona azy”